REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

SEKRETARIA JENERALY
FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBENY NY HETRA

# FILAZANA

## (FILATSAHAN-KO FIDIANA FILOHAM-PIRENENA)

Mahakasika ny filatsahana ho fidiana Filoham-pirenena amin'ny 09 novambra 2023 ho avy izao, ny Sampandraharahan'ny Hetra dia mampatsiahy fa araka ny voalazan'ny tovana 1.5 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2023 - 866 ny 11 jolay 2023, izay mametraka ireo taratasy takiana amin'ireo kandidà hilatsaka ho fidiana filoham-pirenena, dia ireto avy ireo taratasy takiana ahazoana ny fanamarinana ny maha-mpandoa hetra ara-dalàna na « certificat fiscal » :

1- Ho an'ny kandidà manana laharam-pamantarana ara-ketra : ny karatry ny mpandoa hetra ara-potoana ary ny taratasy mirakitra ny mombamomba ny filazana ara-ketra sy ny fandoavana hetra sy haba notontosaina farany ary ny fanamarinana ny fandoavana ireo hetran-tany sy hetran-trano ;

2- Ho an'ny Mpiasam-panjakana na ny mitovy aminy : ny taratasy fandraisan-karama ho an'ny telo volana farany ary ny fanamarinana ny fandoavana ireo hetran-tany sy hetran-trano ;

3- Ho an'ny Mpikarama amin'ny sehatra tsy miankina na sampandraharaha hafa : ny Taratasy fanamarinana ny fandoavana IRSA voamarin'ny ivonketra misahana ny antontan-taratasin'ny mpampiasa ary ny fanamarinana ny fandoavana ireo hetran-tany sy hetran-trano.

4- Ho an'ny hafa : fisoratana anarana ampitain-davitra hahazoana laharam-pamantarana ara-ketra, filazana ara-ketra sy fandoavan-ketra ho an'ny telo taona farany ary ny fanamarinana ny fandoavana ireo hetran-tany sy hetran-trano.

Ny fangatahana dia apetraka eo anivon'ny sampandraharahan-ketra mahefa eo amin'ny toeram-ponenan'ny kandidà tsirairay.

Ireo biraon'ny hetra rehetra dia hisy mpiandry raharaha isaky ny faran'ny herinandro (sabotsy sy alahady) ary ny andro tsy fiasana mandritra ny fe-potoana fametrahana ny firotsahan-ko fidiana izay manomboka ny alarobia 23 aogositra 2023 amin'ny sivy ora maraina ka hatramin'ny alarobia 06 septambra 2023 amin'ny enina ora hariva.

Antananarivo, faha 23 AOUT 2023

NY TALE JENERALIN'NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

GERMAIN
*Inspecteur des Impôts*